Tsenaben'ny fahaleovantena
19 -25 jona eo amin'ny Parvis Analakely
Fanampim-panazavana : 033 73 486 20

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 22 Jona 2019 Laharana 923 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019, hafatra manokana laharana 48 5

Can 2019 – Vondrona B 4

# Vonon-kandresy ny Barean'i Madagasikara



Tetikasa Fihariana 7

# Mpitari-bato vilam-bava ny Filoha Rajoelina




CUA 2



Hitondra ny anjara birikiny amin'ny fahatongavan'ny Papa

Solitany fandrehitra 2

Efa tsy dia mampiasa izany intsony ny any Ambanivohitra

Fetim-pirenena 2

Polisy miisa 1025 no hahetsika isan'andro eto Antananarivo

Daka kely

Ariary Zato ve dia mba ho aiza ry Boaikely a !

Talen'ny kabinetran'ny CUA 2

Voahitsakitsaka ny fanajana ny sainam-pirenena



KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA (CUA)

## Hitondra ny anjara birikiny amin'ny fahatongavan'ny Papa François

Nijery ny toerana hihaonan'ny Papa Ray Masina François amin'ny mpino katolika teny Soamandrakizay Androhibe, ny mpiaramiasa amin'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana, notarihin'ny sekretera jeneraly Guy Rivo Randrianarisoa sy ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa ary ny tale kabinetra Ranjakasoa Mparany Gabhy, mba ho fanomanana ny zavatra ilaina rehetra amin'izany. Ny fitondram-panjakana no mitarika sy mandrindra ny fikarakarana miaraka amin'ny fiangonana katolika, ny CUA kosa dia mitondra ny anjara biriky tandrify azy amin' ny maha tanàna mpandray sy Renivohitr'i Madagasikara azy, hoy ny sekretera jeneraly Guy Rivo Randrianarisoa. Maro ny anjara biriky ho entin'ny CUA handraisana ny Papa François amin'ny maha vahiny manakaja azy eto amin' ny tany sy ny firenena. Ao anatin'izany ny resaka fandriampahalemana, ka hanomezan'ny tanànan'Antananarivo fefy sy mba hahafahan' ny fotoambavaka hizotra araka ny tokony ho izy.



*Ny avy amin'ny CUA, nitsidika ny teny Soamandrakizay Androhibe.*

Eo ihany koa ny resaka fanampiana amin'ny resaka aro-loza sy fitsaboana satria ny CUA dia manana ny BMH sy ny sampana mpamonjy voina amin'ny maha vahoaka marobe no hanatrika io fotoam-bavaka lehibe io. Ny taratasy rehetra amin'ny fanapahana ny lalana hizorana mandritra ny hijanonan' ny Papa eto Anrtananarivo Renivohitra dia ny kaominina Antananarivo Renivohitra no manao izany amin'ny maha tompon'ny tanàna azy. Afaka miara-miasa amin'ny rehetra ny CUA, indrindra amin'ny fanjakàna, fa mila atao ao anaty fifanajàna tanteraka izany.

**Helisoa**

Talen'ny kabinetran'ny CUA

## Voahitsakitsaka ny fanajana ny sainam-pirenena

Famelomana ny fitiavantanindrazana amin'ny olom-pirenena tsirairay, io no anisan'ny tanjona amin'ny fampirantiana sary momba ny tantaram-pirenena atao etsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely nanomboka omaly, ka tsy hifarana raha tsy ny 25 jona ho avy izao. Mpikarakara izao hetsika izao ny ministeran'ny serasera sy ny kolontsaina, amin'ny alalan'ny ANTA, na ny Agence Nationale d'Information Taratra. Nanokatra izao fampirantiana momba ny tantaram-pirenena izao ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina Lalatiana Rakotondrazafy, nisolotena ny PM, izay mpiahy ity hetsika ity, notronin'ny sekreteram-panjakana amin'ny Zandarimariam-Pirenena, ny jeneraly Richard Ravalomanana. Manentana ny tanora hanatrika izao hetsika izao ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy.



*Ny talen'ny kabinetran'ny CUA, Ranjakasoa Mparany Gabhy.*

Anisan'ny haseho amin' izao fampirantiana izao ny fivoaran'ny foloalindahy Malagasy hatramin'izay, hoy ny sekreteram-panjakana amin' ny Zandarimariam-pirenenA, ny jeneraly Richard Ravalomanana. Nanamafy ny talen'ny kabinetran'ny CUA, Ranjakasoa Mparany Gabhy fa zava-dehibe izay famelomana ny fitiavan-tanindrazana izay, satria voahitsakitsaka ny fanajana ny sainam-pirenena ankehitriny, very ny fitiavan-tanindrazan'ireo mpitolona taloha.

**Isambilo**

Solitany fandrehitra

## Efa tsy dia mampiasa izany intsony ny any Ambanivohitra

Nandritra ny 3 andro be izao ny mpitondra fanjakàna notarihin'ny filoha Andry Rajoelina sy ireo mpandraharahan'ny solika eto Madagasikara no nifampidinika, mikasika ny fomba hampihenana ny vidin-tsolika eto amin'ny firenena araka ny Velirano nampanatenaina ny vahoaka Malagasy. Tanteraka tokoa ilay fampidinana ny vidin'ny solika saingy tsy mampiova ny fiainanan'ny Malagasy akory izany satria kely tsy araka ny nieritreretan'ny vahoaka azy tamin' ilay nanaovana serasera be. Ny mba nahitàna fidinana dia ny solika fandrehitra satria 500 ariary no sandan'izany. Manoloana io fidianana io dia nanao be lazao indray ny minisitry ny serasera Lalatiana Rakotondrazafy, fa hoe mitsinjo ny Malagasy hono ny fitondram-panjakàna satria ny 80% amin'ny Malagasy 22 tapitrisa dia mampiasa Solitany fa tsy mahatakatra labozia. Tsy fantatr'ity farany ve fa efa lany andro izany fampiasàna solika fandrehatra izany any Ambanivohitra satria efa mampiasa herin'aratra azo avy amin'ny herin'ny masoandro ny any amin'izao fotoana izao. Io sady tsy misy risika amin'ny firehetan'ny trano hipetrahana no sady fitsitsiana. Hita hoe serasera mampandry adrisa araka ny efa fanaon'ity fitondràna IEM mampanonofy ity no hita amin'izao. Misy no lasa saina fa mety fandaniana stock no antony nampihenana ny vidin'ny solika fandrehitra ho 500 ariary fa resabe ny sisa. Hazavao ny marina fa ny vahoaka tsy adala, ka tsy ahafantatra ny serotka sy ny tomany.

**Helisoa**

Fetim-pirenena

## Polisy miisa 1025 no hahetsika isan'andro eto Antananarivo

Mivonona ny amin'ny fiarovana ankapobeany sy ny fitandroana ny filaminana mandritra ny fankalazana ny faha-59 taona niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara, ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka, araka ny fanambarana nataony ny alakamisy teo. Ankoatra ny asa sy ny iraka ankapobeny fanaon'ny Polisy isan'andro ary ny fandraisana anjara amin'ny matso lehibe ny andron'ny 26 jona dia Polisy miisa 1025 no voalaza fa hahetsika isan'andro eto Antananarivo nanomboka omaly, mba hahafahan'ny vahoaka mifety am-pilaminana. Hisy ny fepetra manokana ho raisina ho fandrindrana ny fifamoivoizana sy ny filaminana manodidina ny farihinan'Anosy, sy manerana ireo toerana avo eto an-drenivohitra ny harivan'ny 25 jona izay hisian'ny afomanga.




*Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny filaminam-bahoaka.*

**Ny Valosoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Zava-dehibe ny mahaleotena na mbola sarintsariny aza

Andro vitsy sisa dia ho tonga ny fetin'ny fahaleovantena izay andro lehibe ho an'ny vahoaka Malagasy, niala teo ambany vahohon'i La Frantsa nanjanaka an'i Madagasikara nandritra ny taona maro. Maro ireo namoy ny ainy vokatry ny tolona nataon'ireo ray amandreny tany aloha izay nahafatesana Malagasy aman'aliny. Ankehitriny manana ny fahaleovantenany i Madagasikara, na mbola sarintsariny ihany aza satria mbola ny mpanjanatany Frantsay no mibaiko ireo mpitondra. Amin'izao fetin'ny niverenan'ny fahaleovantena izao aza dia ho avy hanao matso eo Mahamasina ny miaramila frantsay avy atsy La Reunion. Ho faly ve ireo ray aman-dreny niady ho amin'ny fahaleovantenan'i Madagasikara maheno izao vaovao izao raha mbola velon'aina izy ireo ? tsia dia tsia ny valiny. Tsy hoe manome tsiny be fahatany satria efa miova hoy ianareo ny fiainana amin'izao taonjato misy antsika izao hoe tsy afaka miolonolona amin'ny firenena eto ambonin'ny tany isika, saingy mba misy kosa fanajàna ireo namoy ny ainy ho an'ny fahaleovantenan'i Madagasikara tamin'ny 1947 e ! Fa na izany aza ny zavamisy, fety ny andro araka ny voalaza tetsy ambony, ka na ao anatin'ny hevitra samihafa misamboaravara aza ny Malagasy dia ataony ho zavadehibe izany fetin'ny fahaleovantena izany, izay hiarahany amin'ny fianakaviana. Zavadehibe izany hoe mahaleo tena izany, na mbola sarintsariny aza.

**Helisoa**

## Belazao

Ela leitsy izany ry Belazao ! elaela leitsy zahay tsy nikaozy an'ialahy mihintsy satria zao ndray isika mitsam va afaka mifampisera a! Ilay akamanay mpikaozy an'ialahy moa leitsy efa tsy tafa intsony fa nantsoin'ilay Ray nody any aminy dia tsy maintsy tohizanay ny kaoziny fa toa manaonao foana ialahy. Natao leitsy ny tsy hikaozy, saingy toa miseho azy ho dadany amin'ny fampirevena ny mpokona fotsiny ialahy sy ny ankizin'ialahy. Zao no kaoziko amin'ialahy ry Belazao a! Aoka leitsy ity seran'ialahy mba tena ho doro fa lasa mampiesona fotsiny a! Ilay akaman'ialahy taloha Rabelazao anie no tena nampiesona tamin'izy deba teto amin'ny tanàna e! nefa ialahy aza ity toa tena trop be ndray aza. Ataonay tsy dia mandona be aloha ny kaozinay amin'ity voalohany ity fa sao ilay tsy mahita jus papay sotroina eo, ka miakatra ny tosidrà, fa amin'ny manaraka ry tsamy ataonay mahita mihintsy ialahy raha miseho milay eo. Ialahy anie zandrikely Belazao dia mba kaozinay ihany e! fitiavana lehibe indrindra leitsy izany a! hihihi!

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fidinan'ny vidin-tsolika : tsy araka ny fampanantenan-dRajoelina

«Tsy maintsy midina ny vidin-tsolika», hoy ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, tsy teto an-toerana ihany fa hatrany ivelany. Efa nanomboka tamin'ny voalohan'ity volana jona ity no nandrasana izany fidinana izany kanefa tsy tanteraka izany raha tsy ny alatsinainy lasa teo. Efa fantatra hatrany am-boalohany fa tsy ho mora sy tsy azo hanaovana didin-kofehy lehibe izany fampidinana vidin-tsolika izany, satria singa maromaro no mifamatotra aminy. Anisan'ny tena mamaritra izany ny vidin'ny iray barika any amin'ny tsena iraisam-pirenena sy ny lanjan'ny sandambola malagasy. Ny zava-misy ihany koa dia orinasa avy any ivelany avokoa no misehatra amin'ny resaka solika eto Madagasikara, ka ny tombontsoany aloha no tsy maintsy tsinjoviny, ka tsy hanaiky hivarotra hiteraka fatiantoka ho azy izy, toy ny varotra rehetra. Efa kolontsaina malagasy anefa ny «lanja miakatra ny fiainana», ka rehefa niakatra indray mandeha ny vidin-javatra dia tsy nisy nidina intsony. Efa midehaka ny mpomba ny fitondrana fa nidina, hono, ny vidin'ny solika, kanefa ilay vitsy mpanjfa indrindra, ny solika fandrehitra, no nidina kokoa izay mbola latsaka roanjato ariary (500 ariary≠ 700 ariary) amin'izay noheritretin'ny fitondrana ho tsy maintsy fidinany. Ny any ambanivohitra amin'izao dia efa tsy dia mampiasa solitany intsony fa efa mampiasa angôvo avy amin'ny masoandro izy ireo. Tsy voasaina ihany koa ny mety ho fiantraikany aratsaina (impact psychologique) amin'ny vahoaka satria raha vao ny alarobia lasa teo no nampahafantarina ny fampidinana ny vidin'ny solika dia efa nisy nisaina sahady, omaly, fa hidina ny saran-dàlan'ny fitateram-bahoaka, ny vidim-bary,… Mety misy andian'olona mandranitra ny mpanjifa ka milaza fa tena mitsinjo ny vahoaka tsy mandady harona tokoa ny mpitondra kanefa tsy mbola nisy sarandàlana nidina izany satria tsy misy afaka manome antoka fa tsy hiakatra indray ny vidin'ny iray barila eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena afaka fotoana fohy, satria miha-mafy ny krizy amin'ny Hoalan'i Persika amin'izao fotoana eo amin'ny Amerikana sy ny Iraniana. Ambonin'izany, tsy voafaritra ny fotoana hijanonan' io vidin-tsolika io satria tsy misy afaka maminany izay havoakan'ny hampitso. Tsy ny saran-dàlana ihany no andrasan'ny vahoaka hidina fa hatramin'ny faktioran'ny Jirama ihany koa. Ny fantatra dia maro amin'ireo toby famokarana herinaratra amin'ny alàlan'ny gropy mihodina amin'ny solika dia an'ny orinasa tsy miankina ary ny Jirama no mamatsy solika azy ireny ka amin'arivo tapitrisa maro no trosa tsy mbola voahefan'ity orinasam-pirenena ity amin'ireo mpamatsy solika. Mbola sarotra izany ny hieritretana fa hihena koa ny faktioarn'ny Jirama, araka ny fampanantenan'ny filohan'ny Repoblika. Famerverena saim-bahoaka ny famindràna ny tobin-tsolika etsy Ankorondrano any amin'ny toerana ivelan'ny tanàna (tsy misy maha ratsy izany) satria tsy izay no zava-dehibe sy laharam-pamehana ary tsy hampidina ny vidin-tsolika ho fitonjato ariary izany. Tsy io tobin-tsolika io ihany no mety hitera-doza, raha izay no antony hamindrana azy, fa ny eny Soanierana ihany koa. Araka izany dia «ny manantena tsy misy, hono, no sarotra, fa ny mamoy mora foana».

**Andry Tsiavalona**

### Fitondrana Andry Rajoelina

# Resabe sy « pôpilisma » fotsiny hatreto no ataony

200 andro sahady izay hoy i Liva avy amin'ny KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-Bahoaka) ny fepotoana nitondran'i Andry Rajoelina ny firenena Malagasy. Hatreto anefa iaraha-mahita fa resa-be sy fandrebirebena saimbahoaka fotsiny ihany no misy. Izay toe-draharaha rehetra mitranga mety hahazoana ny fon'ny vahoaka dia isehoany avokoa mba hilazana fa akaikin'ny vahoaka ny tenany. Tsy ratsy akory ny fanampiana ara-bola 700 tapitrisa ariary nomena ny Barea. Tokony ho fantatry ny vahoaka Malagasy kosa anefa hoe : "avy taiza ary an'iza io volabe io?". An'ny filoha manokana ve dia avy taiza? sa an'ny fanjakana Malagasy?. Natao resa-be sy hentitra èry ny filazana hoe: tsy maintsy ampidinina ny vidin'ny solika. Indrisy anefa. Telo andro be izao no nanaovana fifampiresahana tamin' ireo mpandraharaha voakasik'izany, kanefa dia Ariary 100 no mba fidinany. Ny fanontaniana mipetraka dia hoe: hisy fiantraikany amin'ny fahamoran'ny fiainam-bahoaka ary ve io Ariary 100 io. Nilaza ihany koa i Andry Rajoelina alohan'ny nandehanany nivoaka nankany Frantsa fa fifanarahana maro izay tsy vitan'ny mpitondra nifandimby tao anatin'ny taona maro no ho vitainy any. Indrisy anefa fa na dia ny fahatongavany teto an-tanindrazana aza dia tsy nisy nahafantatra akory. Fivoahana ofisialy anefa no natao tany Frantsa, noho izany dia rariny raha hanaovana tatitra mikasika izany dia izany



*Liva avy amin'ny KMFB.*

ny vahoaka Malagasy. Ny mba vaovao fantatra dia hoe: nitaky ny ILES EPARSES izy, kanefa iarahana mitantanana amin'ny frantsay hono ireo. Fitakiana ve izany sa fivarotana? Antsika Malagasy no mandinika izay marina. Aiza ary Andriamatoa filoha ilay teninao manao hoe:" Tsy miandry ho lany filoha aho vao hikarakara ny Malagasy, sy ilay hoe: efa niomana ho filoha aho fa tsy toy ny tamin'ny 2009 akory". Ny marina rangahy tsorina sy lazaina a! Mikarakara ny vahiny ve ianao sa ny malagasy e? Niomana hamerina sy hanamafy ny fanjanahantany frantsay eto ve ianao sa hanafaka an'i Madagasikara miaraka amin'ny vahoaka Malagasy e? Aleo hono Andriamatoa filoha halan'Andriana, toy izay halam-Bahoaka! Ny fiarahana manatanteraka ny Dinika fanorenana ifotony ihany no hahatongavantsika miaraka amin'izany fanavotam-pirenena izany. " Io no lalana tokana sy tsara, hivoahan'i Madagasikara, mba hiadanan'ny taranaka amampara, dia ho sambatra tokoa i Gasikara".

***Nangonin'i Serge***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mikajy R**


## NY TENY FIAINANA

***Matio 28:18***

*Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany".*

facebook NY VALOSOA

## Mampisavorovoro ny mpitondra taxi indray Clémence

**Arp Helisoa :** aza mampisavorovoro saina ny TAXI eo Ramatoa Clemence fa tsy misy lalàna hafa mivoaka momba ny taxi izany navoakan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra a!

**Herimanitra Andrianirina :** ka ny az noh maita soratra defa lalàna zay. ts mahay mamak teny manko reny, sary iany fantany.

**Rarinô Hasina :** Ramatoa tsisy asa, miteniteny foana.

**Nomena Sambatra Rajaonarisoa :** te hamboly korontana ndray de am'zay malaza satria hoe hirotsaka Maire Ra-Clémence.

**Patrick Andria :** kanefa tsy hahazo 0,5% akory @ fifidianana, tena marina io ekipan'ny 0 virgule reny. Ramatoa mercenaire mpanakorontana.

**Ny Avo Raholimanantsoa :** te hanao buzz kosa izy fa hilatsaka maire e! foronina daholo hatsanga tsy aman'orana rehetra io.

**Desire Ratsimandresy Ratsimandresy :** katsetsoka vé ?? iny hono de MBA hirotsaka ben' NY tanàna eto tana ! iza no hifidy ol mpampisavorovoro ?

**Andry Marodera :** efa mba te ho maire ny tenany e !

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** mitsiriritra ny toerany beny tanana izy .

**Brigitte Ravelomiadana :** Tsis ilaina an'io Ramatoa lo mintsy lian'ady no Tia korontana,

**Zouzie Lezo :** misy kaondrana koa ao ambadika ao zany a. Mampijoboka ny hafa.

**Michel Joseph :** amiko na misy na tsy misy didy nivoaka avy amin'ny CUA, aza taizana ny hitroatra foana ny olona fa ilaina ihany koa ny manaraka lamina sy mankatoa ny Ray aman-dreny eto amin'ny tanàna. Ilay politika maloto aleo ajanona amin'izay fa manimba ny toe-tsain'ny samy Malagasy.

**Marie Léa Rajaonarison :** tonga indray ra-Cle hanaratsy an'i Lalao Ravalomanana satria akaiky ny fifidianana maire.

## TONONKALO

# Ariary zato monja ve ?

Ariary zato monja ve no hany azo nampidinina
Ary mandra-pahoviana no hijanona eo ny vidiny ?
Azoazonay an-tsaina fa tsy ho hainao ampanginina
Izany senton`ny vahoaka noho ny zavatra mangidiny !

Ariary zato monja ve no hany azo nampidinina ?
(Efa tena tsisy vidiny izany ariary zato izany !)
Hatreto dia mihisa-dava izato ianao ralamasinina
Izay malaza ho be vitesy nefa toa "tsy tafa" hatrany !

Ariary zato monja ve no hany azo nampidinina ?
(Te hiafina aho sakaiza fa dia kely , tena kely !)
Izay ilay "vava lasa aloha" sy nofinofinao ririnina .
Hay ny zava-toy ireny tsy hampandroso velively !

Ariary zato monja ve no hany azo nampidinina ?
Ary izay no mba kadoa hoenti-miatrika ny fety ?
Ny eboebo sy hambom-po dia tsara raha mba ampanginina
F`efa tena diso toerana ka dia hita fa tsy mety !

Ariary zato monja ve no hany azo nampidinina ?
(Nefa lava anie ilay dinika , saika tsisy fiafaràny !)
Iza marina ary izao no tena hoe mba notsimbinina
Fa raha hoe ariary zato dia toa mampihomehy ihany !

***DADAN'i ZINA (20-06-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny kaominin'Antananarivo nitsidika ny asa fanamboarana ny foto-drafitrasa handraisana ny Papa François teny Soamandrakizay.**









### CAN 2019 – VONDRONA B

## Vonon-kandresy ny Barean'i Madagasikara

Taorian'ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy omaly tany Le Caire ny fiadiana ny ho tompondakan'ny Afrika ho an'ny ekipam-pirenena na ny Can 2019, izay natrehan'ireo olo manankaja maro, dia nanokatra ny lalao ny ekipa mpampiantrano, ao amin'ny vondrona A, ry zareo Egyptiana, izay nifandona tamin'ny ekipam-pirenen'i Zimbabwe. Hita ho nanatombo betsaka ny mpampiantrano raha ny fandehan'ny lalao ary dia nanindry tokoa ry Mohamed Salah sy ny namany. Ho an'ny anio dia hiakatra an-kianja amin'ny 11 ora alina, ora aty Madagasikara, ao amin'ny Alexandria Stadium, ny Barea an'i Madagasikara izay hifandona amin'ny ekipam-pirenen'ny Guiné, ao amin'ny vondrona B. Efa vonona tanteraka ary vonon-kandresy ny Barea izay tarihan'ny mpanazatra Nicolas Dupuis, sy ny kapiteny Faneva Ima ary dia afa-po tamin'ny fanomanana rehetra. Araka izany, mitodika any Egypta tanteraka ny mason'ny mpitia baolina kitra sy ny vahoaka Malagasy rehetra mihitsy amin'izao. Lalao telo no hatrehan'ny Barea ary tsy maintsy mila vokatra tsara raha te hiakatra amin'ny dingana manaraka , ka aorian'ny fifandonana amin'ny Guinée anio, dia ny ekipam-pirenen'i Burundi indray no miandry azy ireo ny alakamisy 27 jona izao, ary ny lalao fahatelo farany dia ny hifandonany amin-dry zareo Nizeriana amin'ny alahady 30 jona, ry zareo Nizeriana izay tombanana tena "favori" ao anatin'ity vondrona ity. Marihana fa ity no fandraisana anjara voalohan'ny Malagasy amin'ity fifaninana Can ity kanefa na izany aza boribory ny baolina, tsy hanaiky lembenana ny Barea manoloana ireo ekipa ireo, ary tsy maintsy hiady mafy hiaro ny voninahim-pirenena.

*Andriam*

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy vorona ary petipoà sôsy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny karibonetra

Ny soa azo avy amin'ny karibonetra indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mahakasika:

- ny havizanan'ny tongotra: alona ao anaty rano mafana tsara an-koveta izay nasiana karibonetra 3 sotro lehibe .
- ny helika: tampohina rano sahaza azy ny karibonetra, ka io no ahosotra ny helika ho solon'ny alamo.
- ny makafoka " vokatry ny fisotroana toaka: maka rano matimaty eran'ny vera tampohina karibonetra antsasaky ny sotrokely , io no sotroina
- ny rano handroana: andramo afangaro manokana ary ny Karibonetra 2 sotro lehibe, sira 2 sotro, miampy menaka manitra. Angalao 1 sotro lehibe io fangaro io, ka ataovy anaty rano handroanao. Hampitony anao izany ary hampalama tsara ny hoditrao. Ankoatra izany dia hampihena ny fisian'ny tsatsakaotra koa.
- ny hanalefahana ny tarehy: asio tsongo–na karibonetra ny menaka fihosotrao ny tarehy ary afangaroy tsara ao anaty fela-tanana izany alohan'ny hihosoranao ny tarehy aminy. Somary orina moramora ny tarehy ary kobanina amin'ny rano mangatsiaka izy avy eo. Io fomba fanadiovana tarehy io no manome aina vao ny hodi-tava ary hampamandimandina tsara azy.

Azo atao tsara koa ny mikosoka ny firavaka na fitaovana vita amin'ny volafotsy amin'ny karibonetra fa miverina mangirana (tsy asiana rano).

- baignoire sy WC , ohatr'izay koa , miverina fotsy tsara.
- raha manana vody tongotra vakivaky: maka rano matimaty 4l, asiana karibonetra 4 sotro kely eo , alona ao ny tongotra , asiana menaka rehefa mivoaka avy ao , atao in-3 isan'kerinandro amin'ny voalohany , dia tena afaka.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Nosy-Varika any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany



Ny tanànan'i Nosy-Varika any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Amoron-dranomasina ity tanàna ity, noho izany iva toerana izy, 5 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ao anelanelan'ny ranomasina sy ny Lakandranon'i Pangalana no misy ity tanàna ity, izay kaominina ambanivohitra, renivohitry ny distrikan'i Nosy-Varika. Arak'izay anarany izay, tanàna be varika ity tanàna ity tany aloha. 130 km avaratr'i Mananjary no misy azy, ratsy ny lalana ifandraisan'ny tanàna roa tonta, fa amin'ny alalan'ny lakana amin'ny Lakandranon'i Pangalana no tena ifamezivezen'ny mponina. Vokatra any ny vary, ny voly fanondrana toy ny kafe, jirofo, lavanila, ny haninkotrana isan-karazany. Ahitana harena an-kibon'ny tany koa any amin'iny faritra iny.

# Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019, hafatra manokana laharana 48

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**

***Asan'ny Apostoly 1: 8 "Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."***

Efa tany amin'ny Testamenta Taloha, raha vao io FANJAKAKO io no ambara dia tonga ny fahavalo mandoro, manao izay tsy hahalalan'ny olona FAHAMARINANA. Ny amin'io FANJAKAKO io no nahatonga an'i Jerosalema notafihina, nodoroana ary nobaboina ny olona raha nifidy izany toerana izany AHO hanehoako ny voninahitro. Ny zavatra tsy fantatr'i Iosifera dia izao hoe IZAHO JEHOVAH MAHAY ny zavatra rehetra, MAMPITA zava-miafina, MAHERY amin'izay ataoko, ka izany no nahatonga azy nanao hoe tsy mivoaka izany FANJAKANA izany fa anay izao tontolo izao. Diso hevitra sy diso lalana, diso fijery izy. Tonga AHO JEHOVAH fa MPANJAKA. IZAHO JEHOVAH ao amin'ny FANJAKAKO dia IZAHO izay no MPANJAKA, rehefa rava izany FANJAKAKO izany dia nandefa an'i JESOSY indray AHO, JESOSY MPANJAKA. Dia fantatrareo tsara koa ny hoe TELO IZAY IRAY. IZAHO JEHOVAH nandefa an'i JESOSY MPANJAKA, rehefa niala teo aminareo IZY ka niverina aty an-danitra dia napetrany ny FANAHY MASINA. Ireo ilay TELO IZAY IRAY izay midika hoe FANJAKANA. Miteny ianao hoe JEHOVAH dia FANJAKANA izay, miteny ianao hoe JESOSY dia FANJAKANA izay, miteny ianao hoe FANAHY MASINA dia FANJAKANA izay. Ny maha-IRAY AZY dia ilay FANJAKANA. Satria IZAHO JEHOVAH no nanambara an'i JESOSY niteny hoe MPANJAKA IZY. Rehefa tonga indray JESOSY dia IZY indray no nanambara AHY dia nilaza fa IZAHO JEHOVAH no MPANJAKA ka tokony harahina sy hekena. Rehefa niala indray JESOSY ka nametraka ny FANAHY MASINA dia izao ny teniny "handeha Aho hoy IZY fa hiala eo aminareo kanefa tsy havelako ho kamboty izany hianareo fa apetrako eo aminareo ny FANAHY MASINA" izany hoe mbola napetraka ihany indray ilay FANJAKANA dia io FANAHY MASINA io mbola manambara FANJAKANA ihany indray. JESOSY dia nilaza tamin'ireo Apostoly ny filahatry ny zava-misy hiseho sy hitranga ambany masoandro. Tena niasa ireo Apostoly ireo ary izany no nanenjehana sy namonoana azy ireo. I JAONA nalaina, nanehoana io APOKALYPSY io. Dia nalaina koa ny sasany tamin'izy ireo, tsy io Apokalyopsy io ihany fa mbola ao koa ny atao hoe FITSANGANANA AMIN'NY MATY, naseho an'izy ireo izany. Dia tao ihany koa no nampisehoana ny hoe izao no FIASAN'NY FANAHY MASINA. Fa amin'ny fotoana manaraka AHO mampianatra anareo hoe iza moa ny Apostoly nampitondraina an'izao, nasaina naneho an'izao. Ka hianareo raha mahita olona milaza hoe ao aminy ny FANAHY MASINA dia tsy tokony hiteny zavatra hafa ankoatran'ny FANJAKAKO izy, JESOSY dia ILAY MPANJAKA izany. Satria io ihany no tanjona farany tsy maintsy hatrehan'ny zanak'olombelona ambany masoandro, na ho aiza hianareo na hanao inona dia izay ihany no FAHAMARINANA. Niala taty an-danitra ilay FANJAKANA dia miaina ao ny olona dia hiverina aty amin'ilay FANJAKANA indray. Naseho miharihary teo aminareo JESOSY ary izay ilay FIFOHAZAM-PANAHY dia fametrahana an'i JESOSY ao anaty, JESOSY dia FANJAKANA ihany, fametrahana ny FANAHY MASINA izay FANJAKANA ihany. Izay ilay FIFOHAZAM-PANAHY FARANY, satria JESOSY rehefa hiala dia nampianatra ny Apostoly fa tsy maintsy ho tonga eo amin'ny tany izay misy ny velona ny FANJAKAKO JEHOVAH. Tsy maintsy raisina sy tsy maintsy ekena, tsy maintsy inoana, tsy maintsy atao izay hananan'ny olona ny FANAHY MASINA. Izay no nahatonga ny ao amin'ny ***Lioka 17: 21*** hoe tsy ary tsy aty fa ao anatinareo. Ilay FANJAKANA dia ao anatinareo. Ny FIFOHAZAM-PANAHY dia hanangona ny olona mba ho iray ao amin'ilay FANJAKANA. Ny antom-pisian'ny FANAHY MASINA dia mihetsika araka izay anirahana azy, ampitenenina ilay FANJAKANA sy izay tokony hatao ao. Ampitaovina ilay FANJAKANA, ka na ny fiteny, na toetra, na ny fihetsika na ny fiasa dia tokony ho zava- PANJAKAN'NY LANITRA avokoa. Tsy misy tokony hambara afa-tsy hoe fanambarana AHY JEHOVAH, fitoriana an'i JESOSY ary fanekena hatao fitaovana izay no asan'ny FANAHY MASINA dia miseho ilay FANJAKANA.

Toy izao ary ilay rafitra:

taty an-danitra no niandoha ny **FANJAKAKO**, ***Isaia 33: 22, Salamo 10: 16, Salamo 96: 10, Salamo 97: 1***. Izay no mahalaza fa IZAHO JEHOVAH no MPANJAKA.

dia nampidina an'i **JESOSY** teo amin'ny tany AHO naseho IZY fa MPANJAKA, niriaria teo amin'ny olona ary nampianatra sy nilaza ny amin'ny fotoan'ny FANJAKANA, ***Asan'ny Apostoly 1: 6-8***

**JESOSY nametraka ny FANAHY MASINA**: na dia niala aza IZY dia nametraka ny FANAHY MASINA ka nilaza fa mbola hiverina indray, ***Jaona 14: 16-17, Asan'ny Apostoly 1: 11***

Rehefa niala JESOSY dia nalatsaka ny **FANAHY MASINA** na ilay FANJAKAKO JEHOVAH tamin'ny andron'ny Pentekosta, ***Asan'ny Apostoly 2: 2-4, Joela 3: 1-5***

Ny olona izay manana ilay FANJAKANA ao anatiny dia miandry ny **FAMPAKARANA NY FIANGONANA**, ***Lioka 17: 20-21, Apokalypsy 19: 7-9.***

Rehefa vita izay fiandrasanareo fa ho avy izay JESOSY ka tonga IZY dia miriaria eo amin'ny tany i Iosifera dia mamono izay tsy nihaino tsara, tsy nijoro tsara, tsy niasa tsara, dia izay tsy manana ny FANJAKANA, manao tsinontsinona izy, miteny ratsy ny Anarako izy. Mba tsy ho tratran'izay famonoana izay hianareo dia ampiakarina. Izay ilay FAMPIAKARANA. Dia mijanona aty indray hianareo telo taona tapany. Izay ilay virjiny dimy hendry sy virjiny dimy adala. Izay no antony tsy maintsy asiana ilay FIFOHAZAM-PANAHY mba tsy ho tratran'izany hianareo. Hazony tsara ilay FANJAKANA satria rehefa tonga eny amin'ny rahon'ny Lanitra JESOSY dia HERY sy FAHEFANA no mampakatra anareo avy ety ambany. Misy toerana hitehirizana anareo aty mandra-pahavitan'izay.

Tapitra izay telo taona sy tapany izay dia ampidinina **JEROSALEMA VAOVAO** : fatorana indray i Iosifera. ***Apokalypsy 20 : 1-2***

Dia ho avy amin'izay ny **FITSARANA**

Miafara amin'ny **FIAINANA MANDRAKIZAY** amin'izay.

Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**Boriboritany faha-5 (CUA)**

## Nizara fanomezana ho an'ireo olona mpamonjy vondrom-bavaky ny Boriboritany

Noho ny fahatongavan'ny fetim-pirena dia tsy hadinon-dRamatoa Ben'ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana, ireo olona sahirana. Nisy noho izany fizaràna fanomezana ho an'ireo vehivavy mpamonjy vondrom-bavaka ao amin'ny boriboritany fahadimy ny alakamisy teo, tao amin'ny Tranompokolona Isotry. Nisy ny vary, biscuit iray paquet isanisany, izay ahitana biscuits miisa 4 sy chocolat ary menaka iray litatra, nozaraina tamin' izany. Tsy teo anivon'ny boriboritany faha-5 ihany no nanatanterahana ity hetsika ity fa manerana ireo boriboritany miisa enina manerana an'Antananarivo Renivohitra, izay efa fanaon'ny CUA isaky ny fotoanan'ny Asaramanitra, toy ny fetim-pirenena sy ny fetin'ny faran'ny taona.


*Ny fizarana fanomezana nataon'ny CUA.*

***Serge***

**Boriboritany faha-5 (CUA)**

## Mpivady miisa 30 natao mariazy ara-panjakana faobe

Ho fanasoavana ireo vahoaka eny ifotony araka ny vinan-dRamatoa Ben' ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana, nanatanteraka fisoratam-panambadiana maimaimpoana faobe ny boriboritany fahadimy, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly 21 Jona 2019. Mpivady miisa 30 no nahazo tombony tamin'ity indray mandeha ity. Maro ny sakana nahatonga azy ireo tsy afaka nanantanteraka ny fisoratam-panambadiana, ka izay indrindra no nahatonga ny avy eo anivon'ny Boriboritany niantoka ny fandaniana sy ny fikarakarana ny taratasy rehetra. Nankasitraka ny CUA tamin'izao hetsika mariazy ara-panjakana maimaimpoana faobe izao ireo mpivady nahazo tombontsoa tamin'izany.

***Helisoa***


*Ireo mpivady vao vita fisoratam-panambadiana ara-panjakana teny amin'ny Boriboritany faha-5.*

**Boriboritany faha-5 (CUA)**

## Zazalahikely miisa 60 natao didimpoitra maimaimpoana

Mitohy hatrany ny asa sosialy tanterahin'ny fitantanana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), amin'ny alalan'ny boriboritany fahadimy. Omaly 21 jona 2019 dia zazalahikely miisa 60 no natao didimpoitra faobe maimaimoana. Nisy ny fiaraha-miasan'ny boriboritany fahadimy tamin' ny Clinique Fidy Ambatomainty tamin'ny fanatanterahana ny asa, hoy ny delegen'ny Boriboritany, Rakoto Richard Emmanuel. Nozaraina malabary sy baolina ary biscuit avokoa ireo zaza lahy kely vita famorana nandritra izany. Tsy mijanona hatreo ny fitsinjovana ny vahoaka fa mbola hitohy hatrany hanatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana, eo amin'ny asa sosialy ho an'ny mponina.


*Ireo ankizy natao didimpoitra tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

***Aly***

FAHASALAMANA

## Mbola vitsy ny mpanome rà any Antsirabe

10% monja ny tahan'ny mpanome rà antsitra-po miverimberina eto amin'ny tanànan'Antsirabe, mbola mila ezaka arak'izany ny fanentanana ny olona ho tonga hanome rà. Ho fanentanana ny olona hiroso amin'ny fanomezan-drà no anton'ny fanamarihana ny andro iraisam-pirenena tahaka izao, ary natao hanehoana fisaorana sy famporisihina ihany koa ireo mpanome rà an-tsitrapo hahatonga azy ireo havitrika hatrany hanome rà ary indrindra koa hanentana ny vahoaka Malagasy hiroso amin'izany. Ny rà dia singa iray sady tsy voasanda vola no tsy voasolon'ny fanafody nefa tena ilaina hamonjena aina. Niompana tanteraka tamin'ny fanentanana sy ny filazana ny maha-zava-dehibe ny fanomezan-drà avokoa ny kabarin'ireo manampahefana nandritra ny fotoan-dehibe ho fanamarihana ny andro manerantany hoan'ny mpanome rà izay natao teto Antsirabe ny andron'ny 14 jona lasa teo. Tompomarika tamin'izao hetsika izao ny Minisiteran' ny Fahasalamam-bahoaka, tamin'ny alalan' ny fiadidian'ny famindrana rà, izay tarihin'ny departemantan'ny famindrana rà, na ny (Direction de la Transfusion sanguine). Lohahevitra banjinina tamin'izao hetsika izao ny hoe "Singa iray ahafahana manatratra ny tolotra fahasalamana ho an'ny daholobe ny famindrana rà sy ny fahafahana misitraka rà azo antoka" ary ny teny filamatra kosa dia ny hoe: " Rà azo antoka, ho an'ny rehetra". Ny famindrana rà dia mamonjy aina isan-taona ary matetika dia trangana aretina tsy ampoizina no ilana izany. Ohatra amin' izany ny fahaverezandrà be loatra mandritra ny fitondrana vohoka sy eo am-piterahana, eo ihany koa ireo zaza tratran'ny tsy fahatomombanana eo amin'ny rà, na ireo aretina manaraka, ka miteraka tsy fahampian'ny hery fiarovana. Ankoatr'izany eo ihany koa ireo niharan' ny loza isan-karazany sy ireo voina ara-boajanahary, ka voatery miatrika fandidiana maika. Ho an'i Madagasikara, mbola lavitra ny ahatrarana ny tanjona napetraky ny fikambanana iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana (OMS) izay manambara fa amin'ny taona 2020 dia tokony ho 100% ny rà avy amin' ireo mpanome rà an-tsitrapo no anaovana famindranna rà ahazoana rà azo antoka tsara. Araka ny nambaran'ny Directeur de la Transfusion Sanguine Pr Randriamanantany Zely Arivelo, fa manaraka ny fenitra iraisam-pirenena ny fikirakirana mahakasika ny fanomezan-drà sy ny famindrana rà manerana ny ivontoerana rehetra famindrana rà eto Madagasikara. Teo amin'ny kianjan'ny kolontsaina Antsirabe no nanatanterahana ny lanonana , teo ihany koa ireo tranoheva ampolony maro nanome ny tolotra ara-pahasalamana samihafa. Nitarika ny lanonana teto ny Docteur Rakotoarisoa Vincent tale miandraikitra ny aretina tsy mifindra, nisolotena ny minisitry ny fahasalamambahoaka, teo ihany koa ireo mpiara-miombon' antoka ny OMS, ny GMUR, ny manam-pahefana avy eto antoerana.

**Solohery**

Zandarimariam-pirenena

## Nandray ny fibaikoana ny vondrotobim-pileovana Vakinankaratra kolonely Randrianarimasy Radosoa

Tontosa ny fiandohan'ity herinandro ity ny famindram-pahefana, teo amin'ny mpitantana ny vondron-tobim-pileovana eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena Vakinankaratra. Izao fifamindram-pibaikona izao no natao dia ny mba hanarenana ny fomba fijery amin'ny Zandarimariam-pirenena sy mba hifantoka amin'ny fandriampahalemana anatiny. Hentitra noho izany ny fitondram-panjakana amin'ny resaka kolikoly satria hatreto 41 ny zandary migadra. Mila fifampiresahana eo amin'ireo Lehiben'ny zandary eto an-toerana hoy ny Sekreteram-panjakana miahy ny Zandarimariam-pirenena ho fandaminana ny asa. Marihina fa ny fitondrampanjakana hoy izy dia miezaka manampy ny zandarimariam-pirenena satria mbola betsaka ny ezaka mbola hatao ampaherezana azy ireo toy ny fanomezana: « prime, bonification, prime d'entretien… ». Nanoloana ny Araben'ny Fahaleovantena ny lanonana famindram-pibaikona teo amin'ny Kolonely Rasambomanana Yvon Patrick, Kaomandin'ny vondron-tobim-pileovan' ny Zandarimariam-pirenena Vakinankaratra teo aloha sy Kolonely Randrianarimasy Radosoa, Kaomandin'ny vondrotobim-pileovan'ny Zandarimariam-pirenena Vakinankaratra vaovao, notarihin'ny kaomandin'ny fari-piadidin'ny Zandarimariam-pirenena Antananarivo Jeneraly Rakotondrazaka Andriatsarafara. Nanome voninahitra ny lanonana ny Sekreteram-panjakana miahy ny Zandarimariam-pirenena, ny Jeneraly Ravalomanana Richard, ny Préfet an'Antsirabe sy ny Sekretera Jeneraly, ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana sy ireo olo-manan-kaja sivily sy miaramila. Natomboka tamin'ny famindrana faneva amin'ireo Lehiben'ny vondrontobim-pileovana Vakinankaratra ny lanonana, narahan'ny famindrana sabatra ary nifarana tamin'ny dia mirindra aramiaramila sy ireo fiaran' ny Zandarimariam-pirenena miasa eto Antsirabe. Efa manana ny paik'ady hitarihana ny zandarimariam-pirenena ity Lehiben'ny kaomandy vaovao ity ary ho antsika vahoaka kosa dia misy ny vata fametrahana fitarainana eo anivon'ny fitondram-panjakana ahafahana mitory raha misy tranga kolikoly, na herisetra hita eny amin'ny fiainana anadavanandro ireny, ka mahakasika ny resaka fitandroana ny filaminana.

**Lezama**

**SARIITATRA :** Izaho ihany no mampirevy ny vahiny, fa tsy misy ny lanonana eny Iavoloha




Boriboritany faha-2 (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe ny mpiasan'ny boriboritany rehetra

Faritra maro teny anivon'ny Boriboritany faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), toy ny teny Mandroseza, Antsahabe, Ambanidia, Tsenan'Anjohy no nanaovan'ireo mpiara-miasa rehetra avy eo anivon'ity Boriboritany ity fanadiovana faobe omaly. Nodiovina tamin'izany avokoa ireo arabe, lalan-kely, ny tsena sy ny manodidina ny tsena. Raha araka ny nambaran'ny lefitra faharoa ny Delegen'ny Boriboritany faharoa, Randrianalisoa Rantolalaina Irvah dia efa fanao matetika eny anivon'ity Boriboritany ity ny fanatanterahana fanadiovana faobe toy izao, araka ny voalazany hatrany dia tsy androany ihany no hanaovana ity hetsika ity fa mbola hitohy amin'ny alatsinainy ho avy izao eny amin'ny tsenan'Ankatso sy Ambohipo. Nandritra izany hetsika izany dia nentanina avokoa ireo mpivarotra sy ireo mponina rehetra manodidina mba hanaja sy hitandro hatrany ny fahadiovana. Rehefa vita ny fanadiovana dia hisy hatrany ny fanaraha-maso sy ny fanentanana ireo mponina satria izay tsy mandoto dia efa anisan'ny manadio.

***Helisoa***



*Ny fanadiovana faobe nataon'ny mpiasa rehetran'ny Boriboritany faha-2.*

Fandraharana ny fonja Antsirabe

## Nahazo kianja filalaovana basket-ball

Manan-danja sy isan'ny manampy betsaka amin'ny fanarahana ny fitsipika eo amin'ny fanantanterahana ny asa ny fanatanjahantena. Ny fiandohan'ity herinandro ity, tao amin'ny foibem-paritry ny fandraharana ny fonja Antsirabe dia nitokanana tamin'ny fomba ofisialy ny toerana filalaovana basikety vaovao ho an'ny Asap (Association Sportive de l'Administration Penitentiaire). Tonga nitokana izany fotodrafitrasa vaovao izany ny avy eo anivon'ny Faritra, ny Tale miadidy ny fandraharahana ankapobeany sy miadidy ny lafitany, Ramahandririvo Fanja, ny Lefitry ny Préfet an'Antsirabe, ny Talemparitry ny Fandraharana ny fonja eto Vakinankaratra, Analamanga, Amoron'i Mania, nahitana ny Tale jeneralin' ny Fandraharana ny fonja, misolo tena ny mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, ny Filohan'ny Asap Antsirabe sy ireo solontenam-panjakana maro eto Vakinankaratra. Vokatry ny fiharaha-miasan'ireo mpiasa ao amin'ny fandraharana ny fonja eto Vakinankaratra sy ireo malala-tanana no niara-niasa nanangana ity fotodrafitrasa manara-penitra ity. Ny 90 % ny olona voafonja no nomena asa ary ny tanjona ho azy ireo dia ho famerenana ireo voafonja ho eo anivon'ny fiaraha-monina indray. Ity toeram-pilalaovana vaovao basikety ity dia natao hampiasain'ny rehetra fa indrindra ny fanomanana ny fifaninanana basikety amin'ny fandraisana anjara Nasionaly ataon'ny Asap. Tombony ho an'i Vakinankaratra ny fananana ity ivon-toeram-pilalaovana basikety vaovao ity amin'ny alalan'ny Asap satria hampivondrona ireo mpiasam-panjakana sy tsy miakina hanatsarana ny ara-pirahalahina sy ho fampandrosoana ny sehatry ny asa andavanandro, raha toa ka ny filalaovana basikety sy baolina ihany no misy ao amin'ny Asap Antsirabe. Nofaranana tamin'ny fanaovan-tsonia ny boky volamena ny lanonana ary tafiditra ihany koa ao anatin'ny fankalazana ny faha 60 taonan'ny fonja eto Madagasikara, izay hatao amin'ny volana Jolay ny ivon'ny fankalazana.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**15/06/19 hatramin'ny 22/06/19**

- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 923-06-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TETIKASA FIHARIANA

# Mpitari-bato vilam-bava ny Filoha Andry Rajoelina

Mpitari-bato vilam-bava ny filoha Andry Rajoelina, hafa ny lazain'ny vavany, hafa ny zava-miseho sy ampiharina. Nandritra ny fandalovan'ny filoha Rajoelina tao Morondava no nanambarany fa hamoraina ny fampindramam-bola ho an'ireo olona liana ny hampiasa vola indrindra eo amin'ny fihariana sy fananganana orinasa madinika sy salantsalany ary ny fanampiana ireo tantsaha. Nambarany fa efa ao amin'ny tranoben'ny tantsaha Morondava ilay vola, ka izay liana dia tokony hanatona izany toerana izany. Nandritra ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra ny ho solombavambahoaka lasa teo no nisian'izany famoriam-bahoaka izany. Resy lahatra ireto vahoaka maro be, ka nandany ny kandida natolotry ny filoha izay hitsinjo ny vahoaka madinika sy ny tanora liana amin'ny fihariana. Nahagaga anefa aty aoriana rehefa nihazakazaka ireo tantsaha sy ireo liana amin'ny fampindramambola, ka nanatona ny tranoben'ny tantsaha, tsy araky ny nambaran'ny Filoha ny zavamisy niandry azy ireo tao. Antontan-taratasy maro amin'ny fiteny malagasy sy vahiny no nasaina noforonin'ireo tantsaha, havezivezy, mandry an-dalana avy any ambanivohitra tsy misy trano hivantanana. Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny Tranoben'ny Tantsaha izay nanambara mazava fa tsy dia mahalala loatra ilay tetikasan'ny filoha : "Tetikasa Fihariana", hatramin'izao tsy mazava amin'ny mponina ny tena tian'ny Filoha Andry Rajoelina hahatongavana, natao hakana vato hampandaniana ny kandidany fotsiny ve sa !... Mponina avy amin'ny distrika manodidina anjatony no tonga ao Morondava, lany fotoana mivezivezy, lany vola ihany koa izy ireo, izay avy amin'ny distrika manodidina : Beloha, Manja, Miandrivazo, Antsalova eny hatrany Morombe. Takian'ny mponina ny hananganana ny Birao Rejionaly ny tetikasa tian'ny Filoha hatao dia ny "Tetikasa Fihariana" ary mazava ireo antontan-taratasy takiana sy ny fepetra ho an'ireo olona, fikambanana ary orinasa afaka misitraka ny fampindramambola. Lasa toa ny nofinofy sy fandrebirebena sain'ny tantsaha sy ny tanora fotsiny.

***Serge***



Ivato

# Kaominina miady amin'ny kolikoly

Ny fididiana ny tanànan' Ivato dia mampahafantatra ny be sy ny maro, indrindra ny mponina sy ny manandraharaha ao amin'ny kaominina fa :

• Ny asa rehetra tanterahana ao amin'ny kaominina, ka nisy sarany dia hahazoana « quittance» fanamarinana ny nandoavana ny vola avokoa.
• Toerana tokana « Guichet unique » ihany no handoavana ny sara samihafa ao amin'ny kaominina Ivato.
• Tsy misy vola tokony ho raisin'ny mpiasan'ny kaominina na iza izy, na iza any ivelan'ny « Guichet unique » kanefa tsy misy « quittance» fanamarinana.
• Sokajiana ho kolikoly sy tsolotra avokoa izay vola miafina, tsy mazava raisina na omena ny mpiasan'ny kaominin' Ivato mba hoentina hanaovandraharaha hafahafa, ka ho henjehina sy faizina, araka ny lalàna manankery izany.
• Miangavy ny rehetra hanatona avy hatrany ny biraon'ny kaominina fa tsy hatahotra na hisalasala fa misy ny tari-dalana ho an' ireo rehetra hanao taratasy sy fahazoan-dalana.
• Ireo rehetra mety ho niharan'ny kolikoly tao amin'ny kaominin'Ivato sy ny Fokontany dia hiangaviana hoy izy ireo hanatona ny tompondraikitra voalohany ao amin'ny kaominina, mba hahafahana mandray ny fepetra mifanandrify amin'izany.


« Efa nolavina ary mbola ho lavintsika hatramin'ny farany ny kolikoly», araka ity fanambarana avy amin'ity kaominina ity.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 284**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0283)

***Mitsivalana***
- Vetivety
- Vola (Miv) – Tra
- Valosoa
- Eto – No
- Tsiro
- Torana
- Ila – Aina

***Mitsangana***
- Tale (Miv) – Lo (Miv)
- Tolotra
- Ivo – Sa
- Saina
- Eto – Ray
- Trano
- Ia – Rà

## TENY MIFANARAKA **N° 284**




**Mitsivalana**

**1.** Fefy tsy azo oharina – Gasikara **2.** Fitaovana fakàna rano – Ao anaty vava (BR) **3.** Isa omena – Matoanteny **4.** Anio **5.** Arehitra – Renintsoratra tsy mitovy **6.** Iry, tia – Fitaovan'ny mpanjono (Miv) **7.** Namonjena **8.** Tsy takatra – Fahita lavitra **9.** Faran-teny – Teny malahelo **10.** Milaza fananana – Karazan-damba

**Mitsangana**

**A.** Fifaninana an-tsoratra **B.** Nampirimina tsara (Miv) **D.** Firariantsoa omen'ny Mpitandrina **E.** Foana tanteraka – Mpanondro **F.** Nalatsaka aina (Miv) **G.** Ajanona – Dokotera **H.** Ao amin'ny rano – Avereno amin'ny tompony **I.** Zokiolona, be taona – Tsirin-teny Mpifanao **J.** Fia – Hita @ akoholahy **K.** Sakafo maivana (Miv) – Todika

### Valiny Teny mifanaraka 0283

<u>Mitsivalana</u>

1 Propagandy 2. Vilia (Miv) - Nay 3. Osy - Maha (Miv) 4. Namorona 5. Alaina 6. Ome - H 7. Tily - Diovy 8. Ozona - No (Miv) 9. Analamanga (Miv) 10. Hao - Mino

<u>Mitsangana</u>

A. Paingotra B. Ry - Mi - GH D. Olombelona E. Piso - Izao F. Hariva (Miv) - OM G. Mandalo (Miv) H. Anana - Ilay (Miv) I. Nahaino - An J. Dia - Vono K. Miarina

Commune
Urbaine
d'Antananarivo

# FAMPAHAFANTARANA

«Antananarivo Renivohitra,
soa iombonan'ny Malagasy»




## NY FIADIDIANA NY TANÀNAN'ANTANANARIVO DIA MAMPAHAFANTATRA FA :

## NOHO NY FANAMBOARAN-DALANA DIA :

**TAPAKA NY LALANA EO AMIN'NY CITE AMBATONAKAKA SY AMBOHIJATOVO**

**MANOMBOKA NY 19 JUIN MANDRA-PAHAVITA NY ASA**

www.facebook.com/Cserasera/